## NY TENY FIAINANA

*"Ary hotoriana amin'izao tontolo izao ity filazantsaran' ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany."*
***Matio 24:14***

### Rugby eto Madagasikara

# Amin'ny 15 novambra ny fifidianana seksiona tsy vita

Fantatra fa amin'ny faha-15 novambra 2023 ho avy izao, no hanatanterahana an'ireo fifidianana mpitantanana rugby eny anivon'ny seksiona mbola tsy nahavita an'izany, araka ny fanambarana nataon'ny eo anivon'ny Malagasy Rugby izay nanao hoe: « Araky ny efa ambara ombieny ombieny, dia ho tanterahina ireo fifidianana eo amin'ireo ambaratongam-pitantanana eto anivon'ny Malagasy Rugby, koa ho fanatontosana an'izany dia ho toy izao ny fandaharampotoana hoan'ny Seksiona izay mbola tsy nahavita izany : fara fametrahana ny aton-tantaratasy ho an'izay hilatsaka ho fidiana dia ny zoma 27 oktobra 2023. Filazana ofisialy an'ireo kandidà nahafeno ny fepetra isaky ny seksiona sy fanasana ireo ho mpifidy dia amin'ny alatsinainy 30 oktobra 2023 ary ny fifidianana dia hatao amin'ny alarobia 15 novambra 2023 ».

**Rainilita**

*Ny sary famantarana ny Malagasy Rugby.*

### Coupe du monde de rugby 2023

# Angletera sy Afrikana Tatsimo no hihaona anio



*Stade de France 2023.*

Ny ekipam-pirenen'i Angleterre sy Afrique du Sud indray anio sabotsy 21 oktobra amin'ny 10 ora alina Malagasy, no hifanandrina ao amin'ny kianja « Stade de France », eo amin'ny ankatoky ny famaranana faharoan'ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany 2023 amin'ny taranja rugby. Omaly zoma 20 oktobra no nihaona teo amin'ny ankatoky ny famaranana voalohany, nifanandrinan'i Argentine sy Nouvelle-Zélande. Araka ny fantatra dia kely dia kely sisa ireo tapakila azo nanatrehana an'ireo lalao roa ireo, fa saika efa feno indray andro mialohan'ny lalao omaly zoma avokoa ny ankabeazan'ny toeran miisa 80698 ao amin'ity Stade de France ity.

**Rainilita**

### Neymar Jr Brésil

# Naratra tamin'ny fihaonan'i Brésil sy Uruguay

Naratra tamin'ny fihaonan'i Brésil sy Uruguay tamin'ny talata lasa teo indray, ilay kintan'ny baolina kitra breziliana, Neymar Jr (31 taona), ka tsy ho afaka hiakatra ankianja mandritra ny fotoana maharitra miaraka amin'ny klioban'ny Al-Hilal Saodiana ilalaovany ankehitriny. Taorian'ny nanambaran'ny nanamafisin'ny dokotera mpitsabo azy, fa fahatapahan'ny « ligaments anterior cruciate » sy «meniscus » no tena mahazo azy dia nizara hafatra tao amin'ny kaontiny Instagram izy tamin'ny alakamisy teo, ka nanambara fa tena mafy izao mahazo azy izao, mila fanohanan'ny ankohonako sy ny namana akaiky aho na dia eo aza ny faherezana ananako amin'ny mahazo ahy. Raha hampiharina amin' ny antsakany sy andavany ny rafitra Fifa, hoy ny mpisolovava Eduardo Carlezzo manam-pahaizana momba ny lalàna mahakasika ny fanatanjahantena iraisam-pirenena, dia azo antoka ny mety hahazoan'io klioba ilalaovany io onitra hatrany amin'ny 7,5 tapitrisa euros any ho any, izay nambarany fa kely dia kely raha oharina amin'ny karama raisin'i Neymar any Arabia Saodita (manodidina ny 106 tapitrisa euros isan-taona).



*Ry Neymar nihaona tamin'i Urugay.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao avokoa na akoho gasy na akoho fakana nofo. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Manala mony sy tasy amin'ny hoditra ny voatabia sy siramamy

Manala mony sy tasy amin'ny hoditra ny voatabia sy siramamy, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Siramamy mena no tena tsara, fa raha tsy misy dia tsy maninona na fotsy aza. Zaraina roa ny tômaty ( mety na esorina na tsia ny voaniny ) dia asisika ao anatiny ao ilay siramamy , kosehina amin'ny tarehy. Hajanona 20min, kobanina rano matimaty avy eo. Izay tiana hanaovana azy na maraina na hariva. Atao in-3 isan-kerinandro, somary hosorana dibera ( rehefa mety dibera) na tantely ny tarehy avy eo, atao solona crème io. Fafana amin'ny coton mando rano mafana fotsiny avy eo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambodilazana distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Tao aorian'ny tanànan'i Toamasina sy ireo boriboritany 5 mandrafitra azy ao amin'ny faritra Atsinanana. Ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 15 amin'ny distrikan'i Toamasina II indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany.

Ny tanànan'Ambodilazana distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana, renivohitry ny kaominina Ambodilazana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 ao amin'ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny jirofo. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi, ny soanambo, ny ampalibe. Ankoatra ny mpamboly sy mpiompy, misy mpanjono koa ny mponina any Ambodilazana.

